


**FILAZANA MANJO**

Mankasitraka an'Andriamanitra izahay noho ny fitantanana sy ny fikarakarana rehetra nataony ka nananany ny toe-panahin'ny fisaorana amin'izao tranga izao.
Mampandre anareo izahay fianakaviana fa sitrak'Andriamanitra ny nankany ny Mpanompony :

**Ndriana**
**RAMAMONJY**

Ny Alarobia 31 Martsa 2021 rehefa nivahiny 64 taona teto an-tany

Hoy :

**Ny vadiny** : Vonifanja RAMAMONJY RAKOTO
**Ny zanany** : Ny Antsa Andrianaja RAMAMONJY
**Ny taizany** : Anjaramanitra (Michou), Ando Nicholas, Eric, Mamy, Oriah, Doda sy Sahondra mianakavy
**Ny reniny** : RAZAFINDRAMAVO
**Ny iray tampo aminy**:
Jonah Sylvain ANDRIANAJA sy ny zanaka aman-jafiny
Bakoly sy Danielson RABEMANANJARA sy ny zanaka aman-jafiny
Andrianandrianina sy Monique Adrienne RAMAMONJY sy ny zanaka aman-jafiny
Verohanitra RAHASIMBOLA
Hanta sy Andry RAMAMONJY sy ny zanaka aman-jafiny
**Ny iray tampo amin'ny vadiny**:
Hanitra sy Jocelyn RAZAFIMANJATO sy ny zanaka aman-jafiny
Volana RATSIMIHETY sy ny zanaka aman-jafiny
Voara sy Johny RAZANAJATOVO sy ny zanaka aman-jafiny
Ony sy Miora RAKOTOARISITRAKA sy ny zanany
Omega sy Ndroso RARIVOSON sy ny zanany

Ny tarika Ndriana RAMAMONJY
Hantatiana sy Njaka RAKOTONDRAZAKA sy ny zanany
Ny taranak'i RAMAMONJY sy RAVELONORO
Ny taranak'i RAKOTOZAFY Dénis sy RAHARIVELO
Ny taranak'i RAKOTOVOALAVO sy RAZANAKOLONA
Ny taranak'i RANAIVO sy RALISOA
**Ny fianakaviana manontolo**
Ny fiangonana Baptista Biblika Ankadivato
Ny tanora zokiny Ankadivato
FKJM Soamanandrariny miara-dia
Fokontany Andrefana Ambohijanahary
Fokontany Soamanandrariny

Ny fianakaviana dia hivory ny Asabotsy 3 sy Alahady 4 Aprily eny an-trano fonenany Lot G III 24 Bis Soamanandrariny.

*"mba ho amin'ny anaran'I Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra... sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray." Fil 2:10,11*

Tonga omaly 31 marsa 2021 ny ora sy andro nandaozany ity tany fandalovana ity fa ho tavela ao am-pon'ny Malagasy maro an'isa sy ny taranany ny asa navelany tety.

Na tiana na tsia dia taitra ihany isika rehetra rehefa nahare ny fahalasan'i Ndriana Ramamonjy. Marina fa nandeha ny feo fa tsy salama izy. Fa niafara tamin'ny fodiany mandry izany.

Zandriko 3 taona izy satria raha 6 aogositra 1954 aho no teraka, izy kosa dia ny 13 janoary

1957 no tonga tety an-tany. Ary nandritra ny fivahiniany dia olona tsotra sy tsy be sehoseho mihitsy izy.

Ny mahavariana dia ity : tsy dia nifampiresaka firy mihitsy izahay mirahalahy fa isaky ny misy tranga lehibe eto amin'ny firenena, na fifaliana io na fahoriana, indrindra indrindra, dia teo foana izy ary anisan'ny mpanentana sy mpitendry clavier hatrany.

Nanomboka ny taona 1990 tany no fantatra ny anarany satria izy dia mpamorona hira ara-pilantsara ("chansons évangéliques"). Ka ny hirany dia ry Fara Andriamamonjy sy Hantatiana no namelona azy tamboalohany.

Taty aoriana dia natsangany ny hoe "Tarika Ndriana Ramamonjy" ary efa enina (6) be izao ny raki-kira novokariny. Midika izany fa maro dia maro ny sangan'asany hirain'ny mpivavaka kristianina hatreny am-piangonana ary maro koa anefa no tsy mahalala fa izy Ndriana Ramamonjy no namorona ny tonony sy ny feon'izy ireny.

Io manaraka io ary misy hafatra avy any aminy izay hitoetra mandrakizay, ary izy handry am-piadanana mandrapihavian'ny Tompo, araka ny finoana kristianina.

Amin’ny anaran’ny mpiara-miasa ao aminy madagate dia maneho etoana ny fiaraha-miory amin’ny fianakavian’i Ndriana Ramamonjy tsy ankanavaka, ny tenako.

Nahoana tokoa, lahy, raha tena mifankatia ny samy Malagasy ?

**Jeannot Ramambazafy**

........................

MIFANKATIAVA

Tamin'ny fo no tena ninoanay

Fa Jesosy no tonga hamonjy anay

Tamin'ny vava no tena nanekenay

Fa ny ràny no nanadio anay

Vavaky ny Tompo (mampiray)

Fanahy izay nomeny (mampiray)

Fanahy, Fitiavana koa ny Ray

Nahoana lahy raha Mifankatia

“Mifankatiava hoy ny Tompo,

f'izany no hamantaran'ny olona rehetra,

Fa Mpianatro ianareo"

Tsy iray finoana, f'iray ao Aminao

Tsy iray fihaviana,f'iray an-dapanao

Tsy iray fiteny, fa samy henoinao

Tsy iray fihodirana,fa samy zanakao.

Vavaky ny Tompo...

**Ndriana RAMAMONJY**